



# Hampifandraisintsika ireo mpamokatra sy ireo mpividy

## Ny fampiroboroana ny zotram-pihariana: Paikady entina hanatsarana ny fanatrehana ny mafy sy ny ady amin'ny fanjariana ara tsakafo

### Famaritana


Anaran'ny tetikasa	Fanatsarana ny fanatrehana ny mafy amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny fifanohizan'ny harikarenan'ny faritra farany Atsimo sy ny Atsimo, Atsimo Atsinanan'ny Madagasikara
Mpamatsy vola	Ny Vondrona Eoropeana sy ny Ministera Federaly Alemana mikasika ny fiarahamiasa ara-toe-karena sy ny fampandrosoana (BMZ)
Faritra	Madagasikara: Androy, Anosy sy Atsimo Atsinanana
Foibe mpanantanteraka	Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH
Fe-potoana	Oktobra 2012-Jolay 2016

### Fanamby

Ny faritra Androy, Anosy sy ny atsimon'ny faritra Atsimo-Atsinanana dia anisan'ireo faritra mahantra indrindra eto amin'ny Nosy. Toerana mitoka-monina nefa hianjadian'ny loza ara-boajanahary matetika, ary ny mponina ao aminy dia hianjadian'ny tsy fanjariana ara-tsakafo. Araka ny tatitra nataon'ny UNICEF tamin'ny taona 2011, ny 68% ny tokantrano dia mijaly amin'ny tsy fanjariana ara-tsakafo.

Ny ankamaroan'ny mponina dia tantsaha mpamokatra nefa na izany aza dia tsy ampy ny vokatry ara-tsakafo. Ny foto-drafitrasa amin'ireo faritra ireo dia tena ratsy ary dia mbola nanampy trotraka an'izany ny tsy fisian'ny famatsiam-bola tsy miankina avy any ivelany vokatry ny tsy fitoniana ara-politika nanomboka tamin'ny taona 2009. Manampy izany ny tsy fahazoana vaovao azo antoka sy ara-potoana. Eo amin'ny tsena anefa, misy ny vokatry azo amidy ary misy ny karazam-bokatra mampisy fanantenana ny

loharano: FAO/PAM 2013



fanatsarana azy ka afaka mampitombo ny fidiram-bola ho an'ny tantsaha ho amin'ireo faritra ireo.

### Tanjona

Ny tanjona ankapoben'ny tetikasa dia ny mba hanatsarana ny fahafahan'ny mponina ambanivohitra hiady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny fampitomboana ny fidiram-bolany. Izany dia amin'ny alalan'ny fanatsarana ny vola miditra avy amin'ny zotram-pihariana voafidy hiasan'ny tetikasa dia kinagna, tantely, tsaramaso ary ny osy. Mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena ny faritra Androy sy Anosy ary ny faritra Atsimo Atsinanana ny GIZ. Izany dia mitsinjo indrindra ny tokantrano marefo amin'ny alalan'ireo lalam-pihariana ireo ary tsongaina manokana amin'izany ny fianakaviana tarihin'ny vehivavy mananon-tena. Nofantenanin'ny GIZ manokana ny lalam-pihariana manana ny tombony lehibe eo amin'ny toe-karena ary mba ho lalam-pamokarana afaka mifanaraka amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro. Ity tetikasa ity dia anisan'ny tetikasa sampana iray amin'ny fandaharanasa tontosain'ny vondrona Eoropeana amin'ny fanatsarana ny fanjarian-tsakafo sy ny fampitomboana ny fidiram-bola avy amin'ny fambolena sy fiompiana (ASARA) eto Madagasikara



### Paikady

Matetika ny tantsaha mpamokatra eny amin'ny tontolo ambanivohitra no misedra olana amin'ny famarotana ny vokatry. Tsy misy ny fiarahamibonantoka hentitra eo amin'ny mpanandraharaha ara-toe-karena sy ny mpamokatra, izany matetika dia vokatry ny tsy fahalalan'ny tantsaha ny fisian'ireny orinasa mpandray vokatry ireny. Tsy ananan'izy ireo mantsy ny fahaizana mandrindra asa mba ahafahany mikambana hisian'ny fiarahamiasa eo amin'ny samy izy mpamokatra mba hahafahany mifanampy,

indrindra ho an'ireo mpamokatra sahirana. Azo lazaina noho izany fa tsy ampy fifandanjana eo amin'ny fampifandrasaina ara-barotra ny orinasa sy ny mpamokatra: ny mpandray vokatra, handanjalanja ny vidin'ny vokatra amin'ny tokony ho izy arakaraky ny habetsahany sy ny hatsarany, ary ny tantsaha kosa dia mba hanaiky hivarotra ny vokatra mifanaraka amin'ny tolotra misy. Noho izany dia singa manandanja ho an' ny paikady fototry ny GIZ ny fanentanana ireo mpandraharaha sy hampifandray azy ireo amin'ny tantsaha mpamokatra mba hitsinjovana ny tombotsoan'ny roa tonta. Etsy andaniny, ny tantsaha dia mihamatianina amin'ny asany ka dia ho afaka hanatratra ny kalitao sy ny filan'ny mpandraharaha eo amin'ny tsenda. Noho izany dia afaka mampitombo ny vola miditra ao aminy izy vokatra ny fahitana lalam-barotra vaovao. Etsy ankilany kosa ireo orinasa dia voavatsy araka izay ilainy eo amin'ny lafiny akora fototra ka afaka mihodina ara-dalana ary miha-mitombo noho izany ny tombombanoratra. Hita araka izany ny fihatsaran'ny fidiram-bolan'ny tantsaha mihoatra amin'ny fomba fiady nentim-paharazana teo aloha. Raha araka ny fahita mahazatra hatramin'izay dia miezaka mamokatra aloha izay vao mitady lalam-barotra, ny an'ny GIZ kosa dia ny mifanohitra amin'izany: izany hoe, mitady lalam-barotra no atao alohan'ny fanatanterahana ny tetikasa. Marihina fa mihoatra ny 60 ny isan'ny tolotra tetikasa napetrakin'ny orinasa sy fikambanana tantsaha; ary taorian'ny ny fanadihadiana ny fisian'ny tsendam-barotra no nifidianana ireo zotram-pihariana efa mahomby sy mampivoatra ny tetikasa dia ny *kinagna*, ny *tantely*, ny *tsaramaso* ary ny *osy*. Izany dia ny mba ahazoana fahombiazana mahafa-po ho an'ny tetikasa. Tena singa manandanja lehibe ny famoronana fampiarahamibonantoka.


Hatramin'ny voalohany mantsy dia ny solontenampanjakana no nandray andraikitra, ohatra, amin'ny famolavolana ny drafitra fampandrosona ny fifanohizan'ny arikarena. Izany dia nahafahana nandrindra ny fanaovana sivana ny andraikitra sy fananangana ny fivondronana.



### Vokatra farany sy ny vina

Hatramin'izao fotoana izao aloha ny GIZ dia nanohana ny famolavolana ny drafitra ho fampandrosoana ny faritra mahakasika ny zotram-pihariana kinagna sy tantely. Efa voapetraka ireo komity mpanara-maso sy mpitarika mba ahafahana miantoka ny fahatratrarana ireo tanjona. Efa maro ireo mpiaramibonantoka no efa amperin'asa. Ny zotram-pihariana ny fifanohizan'ny hari-karena tsaramaso sy ny osy dia eo andalampanombohana. Efa voavinavina atsy ho atsy ny hisian'ny atrik'asa mikasika izany mba ahafahana manentana sy hampifandray ary hampisy fikaonandoha eo amin'ireo mpiara-mibonantoka isantsokajiny. Efa mahatratra 6600 amin'izao fotoana izao, ny tokantrano aty Atsimo sy Atsimo Antsinanan'ny Madagasikara no voakasiky ny tetikasa. Heverina ny hahatratra tokantrano 20 000 farafahakeliny ho tafiditra amin'ireo zotram-pihariana voalaza etsy aloha ireo amin'ny volana jolay 2016, izay fotoana hifaranan'ny tetikasa. Ary amin'izany dia kendrena ho 15% hatramin'ny 20% ny tokantrano tantanan'ny vehivavy mananon-tena ka tomponandraikitra amin'ny famelomana ny ankohonany.

### Firafitry ny tohana ataon'ny GIZ



Navoaka'ny: Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH  
Bureau de la GIZ à Fort Dauphin  
Villa Ampotatra, Boulevard Gallieni  
Fort Dauphin 614 - Madagascar  
T +261 32 05 430 03  
gizdcvmg@giz.de

Ity atotan-taratasy ity dia nototosaina niaraka amin'ny fandraisana anjara ara-bolan'ny UE sy ny BMZ. Ny hevitra izay nivohitra ao dia tsy voatery heverina ho tohin'ny hevitra mitratra fitoerana ara-pomba ofisialy ny UE na ny BMZ.

Ny GIZ no tompon'andraikitra amin'izay voarakitra ato anatin'ity fampahafantarana ity.